


DEREK PRINCE
MINISTRIES INTERNATIONAL

Fivoriana fampaherezam-panahy

Mahafantatra ny Teny

Izaho dia mijoro vavolombelona amin'i Satana manokana momba izay lazain'ny Tenin'Andriamanitra fa ataon'ny ran'i Jesosy ho ahy.



Manambara ny Tenin'Andriamanitra Dries Du Plessis Dries Du Plessis

Mino aho fa nasehon'ny Tompo ahy tamin'ny alalan'ny fahalalana ny Soratra Masina ny fomba ahafahantsika mandresy an'i Satana. Ny ankamaroan’ny Kristiana dia mahafantatra fa tsy maintsy mandresy azy isika amin’ny alalan’ny ran’ny Zanak’ondry sy ny teny fijoroan-tsika ho vavolombelona. Nefa maro no mirona hanao izany ho karazana fehezan-teny miverimberina manao hoe: "Mangataka mafy ny ra aho ... mangataka mafy ny ra aho." Tsy te hanamaivana ny hasarobidin’izany fanao izany aho, saingy hitako hoe indraindray dia tsy mahagaga ny devoly izany. Mieritreritra aho fa tokony hampihatra izany amin'ny fomba feno tanjona kokoa isika.

- Ahoana no handresena an’i Satana amin’ny alalan’ny ran’ny Zanak’ondry sy ny teny fijoroan-tsika ho vavolombelona? Singa telo no tafiditra:
- Ny ra;
- Ny Tenin'Andriamanitra; ary,

Ny fijoroan-tsika ho vavolombelona. Ary toy izao no handikako ny fampiharana ny Apokalypsy 12:11: Mandresy an’i Satana isika rehefa mijoro ho vavolombelona manokana ny amin’izay lazain’ny teny ny amin’ny ataon’ny ran’i Jesosy ho antsika.

Mazava be fa raha hijoro ho vavolombelona momba izay lazain'ny Teny fa ataon'ny ra ho antsika isika dia tsy maintsy mahafantatra izay lazain'ny Teny fa ataon'ny ra isika. Ao anatin’ny herinandro maromaro ho avy, dia hojerentsika izay lazain’ny Tenin’Andriamanitra fa vitan’ny ran’i Jesosy ho antsika.

Misaotra Anao, Jehovah ô, noho ny ran’i Jesosy. Noho izay lazain’ny Teny, dia manambara aho fa naharesy an’i Satana tamin’ny nanambarako izay nataon’ny ran’i Jesosy tamiko. Mijoro ho vavolombelona manokana amin’i Satana aho ny amin’izay lazain’ny Teny fa ataon’ny ran’i Jesosy ho ahy, amin’ny anaran’i Jesosy Kristy, Amena.


© 2008 - Dries Du Plessis

Fivoriana fampaherezam-panahy ★

Fandikana: WD-B097-001-MLG

Nohavaozina farany: 29 Sept 2026

Tranokala: Derekprince.com/mg/resources



© 2008 - Dries Du Plessis